



Na dia mbola tanora aza dia ray aman-dreny niteraka izy ireo ary manana ny maha izy azy eo anivon'ny fiaraha-monina. Tsy iza ireo fa ny mpikambana tao amin'ny AVM ([Authentic Voices of Madagascar](#)), tarika misy an'i Hiary Rapanoelina, ilay nomelohina higadra herintaona, sazy mihatra, satria noheverin'ireo mpitsara fa nanao heloka faotana mahafaty toa ny namono olona. Taorian'ny fanambaran'ny ambasadry amerikana ([eto](#)) dia ity ny an'ireo mpikambana tao amin'ny AVM:



Mpikambana tao amin'ny AVM. Mbola kely anaka toka nefa sahy mijoro. Ka asa, hanaovan'ny fitondrana Hvm fanadihadiana tsirairay dia ho gadraina satria mpiray tsikombakomba («*complices*») amin'i Hiary, na koa hamoronana «*dossier*» dia ho lazaina fa mikasa hanongam-panjakana tsotra izao? Ô rey olona a! Ho omby ve ny fonja mandra-pialan'ity fitondrana kanosa ity, izay tsy misy tranon-kenatra ka tsy mitsahatra mitondra alahelo eo anivon'ny fiaraha-monina malagasy iray manontolo mihitsy? An, Ahoana a? Rediredy? F'iza aloha ny filohan'ny mpitsara e (*"Président du Conseil supérieur de la Magistrature"*)

)?

"Izahay mpikambana tao amin'ny AVM sy ireo rehetra akaiky anay, rehefa naka fotoana handinihina lalina tamin'ny fo sy saina tony dia manao izao fanambaràna izao ary manamafy fa:

Tsy mankasitraka ny didim-pitsarana izay nomena an'i Hiary Rapanoelina (herintaona an-tranomaizina sazy mihatra)ary tohina tokoa amin'ny zava-misy ankehitriny sy ireo antony niampangana sy nanenjehana azy (fakàna an-keriny zanak'olona: tsy mari-pototra sy tsy misy idirany velively) izay tsy ara-drariny tokoa araky ny fihevitray.

Mangataka izahay mba hamotsorana azy araky izay haingana indrindra fa efa sazy mihoatra ny tokony ho izy ny iray volana an-tranomaizina (MD)."

Ny mpikambana tao amin'ny AVM – 14 Marsa 2017